FAMPITAM-BAOVAO

30/2026 Ny Filohan'ny Fanavaozana, RANDRIANIRINA Michaël

"…tsy mila Dinika feno kabary izahay, fa mila Dinika mitondra fanapahan-kevitra."

Ny 19 janoary 2026, tonga nanatrika ny fanokafana tamin'ny fomba ôfisialy ny **"Dinika fanaingana ny Toekarena"**, teny amin'ny CCI Ivato ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika sy ireo Mpanolontsaina Avon'ny Fanavaozana efatra mirahalahy.

Tanjona tamin'izao dinika izao moa ny hanarenana ny toekarem-pirenena amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina. ***"…tsy fivoriana tsotra no ataontsika eto, fa fiandohan'ny asa lalina, miaraka amin'ny fanapahan-kevitra sy vokatra andrasana mazava…"***, hoy ny Filohan'ny Fanavaozana, RANDRIANIRINA Michaël raha nandray fitenenana.

Raha ny zava-misy ankehitriny, mihamaro isan-taona ny Malagasy. Mananika ny 3% ny tahan'ny fitombon'ny mponina. Midika izany fa mitombo haingana isan-taona ny isan'ny filàna ara-tsakafo. Raha ny hita anefa dia mbola tsy manaraka io hafainganam-pandeha io ny famokarantsika ka mampitotongana ny fari-piainan'ny tsirairay. Ambany loatra ny fahafahantsika mamokatra, manodina, manondrana, mamorona asa ary mampitombo ny fahefa-mividy. Tamin'ny taon-dasa, ohatra, dia 3,5% monja ny fitomboan'ny harin-karena. Azo lazaina ho fandrosoana izany saingy mbola tsy ampy eo anatrehan'ny fitomboan'ny mponina sy ny fanantenana ary ny hetaheta ara-drariny entin'ny vahoakantsika, indrindra ny tanora. ***"Tsy maintsy ovaina izany",*** hoy ny Filoha. Nanteriny ihany koa fa, ***"…afaka manova isika, ary afaka manavao raha ataontsika ho laharam-pahamehana nasiônaly ny fampitomboana ny vokatra sy ny fahavitana asa raha miala amin'ny toekarena fivelomana fotsiny isika ka miroso amin'ny toekarena tena mamokatra sy mitodika amin'ny varotra; raha ampirisihintsika ny fampiasam-bola, raha tohanantsika ny asa, raha ataontsika mazava kokoa sy maharitra kokoa ary mifaninana kokoa ny tontolon'ny fandraharahana…"***

Mila hamoraina ihany koa, raha ny nambarany hatrany ny famokarana, ***"…esorina ireo sakana ary hatsaraina ny fisitrahana angovo, ny fahazoana famatsiam-bola ary ny kalitaon'ny fotodrafitrasa…"*** Fa ambonin'izany rehetra izany, ***"..ilaina ny firaisankinantsika rehetra fa io soatoavina iray io no mila iainantsika vao afaka hampandroso isika Malagasy dia ny fihavanana sy firaisankina izany."***

Ity Dinika ho fanaingana ny toekarena ity ihany koa moa dia sehatra hifanakalozan-kevitra sy hanaovana asa. Voaray amin'izany avokoa ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, ny faritra, ny mpiara-miombonantoka, ny mpikaroka, ny tanora, ny vehivavy, ny mpandraharaha, ny mpamokatra, ny mpamorona ary ny andrimpanjakana. ***"…Tokony ho eo ambony latabatra iray avokoa mitondra tanjona iraisana : toekarena mamokatra kokoa, misy fifaninanana tsara kokoa ary ara-drariny kokoa…"***, hoy ny Filoha, ka noho izany hoy izy, ***"…ataoko mazava ny teniko anio : tsy mila Dinika feno kabary izahay, fa mila Dinika mitondra fanapahan-kevitra. Mila Dinika feno fanatanterahana malaky dia malaky, mila fanoloran-tena azo tsapain-tanana, mila tetiandro mazava, mila mari-drefy ary mila rafitra fanaraha-maso izay mitondra tatitra sy tompon'andraikitra amin'ny anaran'ny Firenena."***

Manoloana ny fahantrana lalina izay sedrain'ny Malagasy ankehitriny, nanamafy ny Filoha fa ***"…manana loharanon-karena, talenta ary hery lehibe i Madagasikara. Azo atao ny fiovana, manomboka izao izany ary miankina amintsika tsirairay ka andao hanova, andao hanavao."***

Noresahin'ny Filoha teto ihany koa ny fanamafisana ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy Afrika Atsimo eo amin'ny lafiny maro : ny fotodrafitrasa, ny lalana, ny fifandraisan-davitra, ny famerenana amin'ny tanjany ireo orinasam-panjakana toy ny SIRAMA, SECREN, sy ny sisa.

Notsiahiviny ihany koa teto fa ***"…ny Fanjakana dia efa manomboka amin'ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-miombonantoka avy amin'ny firenena any amin'ny « Golf »."*** Hisy araka izany ny fandinihana sy ny fametrahana sehatra iombononana iarahan'ny andrimpanjakana sy ny sehatra tsy miankina eto amintsika miasa. Ity sehatra iombonana ity no hikendry ny handrindrana hiabo hanafaingana ny fampiasam-bola ka hahafan'ireo tetikasa avy any amin'ny firenena ao amin'ny « Golf » sy ny Malagasy eo amin'ny sehatra ny angovo, ny fotodrafitrasa, ny fambolena, ny indostria no irintsika hivadika ho asa, fifampizaràna fahaiza-manao ary firoboroboana iombonana ho an'ny firenentsika.

Tsara homarihina ihany koa fa i Madagasikara dia mikasa, maniry ho mpiara-miombonantoka ao anatin'ny BRICS ary handray anjara amin'ny fihaonam-be an-tampon'ny BRICS izay hatao any Inde ny volana jona sy jolay izao.

Nisaoran'ny Filoha RANDRIANIRINA Michaël manokana ihany koa ny Vondrona Eropeanina amin'ny fanohanan'izy ireo ny fampandrosoana an'i Madagasikara nandritra ny taona maro tamin'ny lafiny maro, indrindra izao ezaka ataontsika izao. Nantitranteriny hatrany koa ny fahavononan'i Madagasikara amin'ny fanohizana ny fanamafisana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo mpiara-miombonantoka efa nahazatra hatrizay sy ireo izay mazoto hiara-hiasa amintsika ao anatin'ny fanajana hatrany ny tombontsoan'ny Malagasy.

Nanome hafatra ho an'ny sehatra tsy miankina ny Filohan'ny Fanavaozana. ***"Ianareo no fototra mampiroborobo sy hampiroborobo ny toekarena no sady antoka ho an'ny fampidirana ny fampandehanan-draharaham-panjakana amin'ny alalan'ny hetra iantsorohanareo izany. Ianareo koa no kitro ifaharan'ny ezaka rehetra fototra ho fanaingana ny toekarena malagasy"***, hoy izy, koa ***"…mankahery anareo aho ary maneho hatrany ny fahavononako hanome lanja sy hampiroborobo ny sehatra tsy miankina malagasy."***

Teo am-pamaranana ny lahateniny, nohamafisin'ny Filoha ny faharesen-dahatra fa ***"… Madagasikara dia tsy mahantra fa nampahantraina…"*** Ny lalana arahina hoy izy ***"…no mbola hifampiresahantsika, hampiantso mpandraharaha avy any ivelany foana ve sa ny harentsika no atao ampy hampiakarana izany fiharian-karena malagasy izany?"***

Santatra am-bavarano ihany moa ity natao teny amin'ny CCI Ivato ity fa mbola hisy ny hetsika tahaka izao izay hatao any amin'ny faritra.

Antananarivo, faha 19 janoary 2026

Rahajason Harry Laurent
Talen'ny Serasera
eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika